ANKAZOBE

# OLONA 5 NALAIN'NY JIOLAHY AN-KERINY, MPANDRAHARAHA IRAY MATY VOATIFITRA

4

MARINA IZANY ! 3

## MIANDRANDRA !


# Gazetiko

www.gazetiko.mg


Izy no izy 8

NIVO JONAH LUDOVIC (MPIKABARY)

## TSOTRA, TIA MIHAINO SY MANAMPY




Laharana 7734 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Zoma 01 desambra 2023


BAOLINA KITRA MAHATAFITA 2



## HO FANTATRA ANDRO VITSY IREO ZANDRIKELY HO LASA MATIHANINA

FIFIDIANANA PREZIDA TETO MADAGASIKARA 3

# INDRAY MANDEHA IHANY NO MBA NISY KANDIDA, NANAIKY KA NIARAHABA NY MPIFANINANA LANY





JIRAMA 8

## AMIN'NY 12 ORA ALINA KA HATRAMIN'NY 4 ORA MARAINA NY DELESTAZY

ANTENIMIERAMPIRENENA - TETIBOLA 2024 3

# LANY TSY NASIAM-PANITSIANA, NIVOAKA NY EFITRANO NY TIM







Baolina kitra mahatafita

# Ho fantatra andro vitsy ireo zandri-kely ho lasa mpilalao matihanina

*Mampiditra antsika haingana any amin'ny sehatry ny matihanina izao tetikasan'ny Minisiteran'ny Tanora sy Fanatanjahantena izao.*

Kinga sady mailaka ary manana teknika ny mpilalao malagasy. Izany no fanambarana nitovizan'ireo mpijirika mpilalao avy any ivelany omaly, tetsy amin'ny efitrano fivoriana Barea, nandritra ny tafa niarahan'izy ireo tamin' ny mpanao gazety. Samy nilaza izy ireto, nahitana an'i Belkaci Abdernord avy amin' ny klioban'ny Lille Frantsa, Wassim Gharmoul avy amin'ny White Caps (Major League Soccer) any Etazonia, sy Helmin Lousaief avy ao amin'ny Club Africain Tonizia, ary Demba M'baye, ilay tale spaortifa ao amin'ny Rs Berkane, fa tsy nanampo ny fahaizana sy talenta ananan'ireto mpilalao ireto. Nalaindaina ihany izy tamin' ny voalohany nandeha taty Madagasikara, satria tsy mba naheno ny lazan'ny Malagasy izany. Efa manomboka mikisaka aty amin'ny faritra Afrika atsinanana ihany koa izahay, hoy izy ireto, mikaraoka mpilalao, raha tany amin'ny faritra Afrika avaratra hatrany teo aloha. Azo lazaina fa fahombiazana tanteraka noho izany ity tetikasa « Baolina kitra mahatafita » ity. Ny Minisiteran'ny Tanora sy Fanatanjahantena no tompon-kevitra niara-niasa tamin'ny Federasiona Malagasin'ny baolina kitra, ary ny LNR sport Management no nanatanteraka ny fikarakarana. Tonga nanome voninahitra ity lanonana ity ny Minisitry ny Tanora sy Fanatanjahantena, Haja Andre Resampa, izay nanambara fa andro manan-tantara ity androany ity. Ho an'ny fanatanjahantena rehetra mihitsy fa tsy araky ny ambaran'ny sasany hoe manome vahana manokana ny baolina kitra irery ihany ny Minisitera. « *Tsy hojerena fotsiny fa efa misy fandaharana voamana ho an'ireo tsy lasa amin'ity fa aza matahotra* », hoy Ingahy Minisitra. Anisan'ny tanjona nanaovan' ny Minisiteran'ny Tanora sy Fanatanjahantena izao tetikasa izao ny hijerena sahady ireo tanora handimby ireo zokiny ao amin'ny Barea atsy ho atsy. Tanan-dehibe 8 teto amin'ny firenena no nanaovana fitiliana ka mpilalao 60 tamin'ireo 250 niatrika fitsapana no voafantina niakatra teto Antananarivo, niatrika ilay fifantenana iraisam-pirenena. Hatramin'ny omaly dia 30 mirahalahy sisa izy ireo ary 15 ihany sisa amin'ny alahady no hiatrika ny fitsapana farany, ka hisy lalao ara-pirahalahiana hifanaovany amin'ny ekipa sangany anatin'ny OPL.

**Rabenaivo**

"Tennis de table" - "Academy kids"

# Hanomana ankizy hiatrika ny fiadiana ny tompondaka eran-tany

Ankizy an-jatony amin'izao fotoana izao no beazina ao amin'ny « Academy kids » etsy Andravoahangy, ho an'ny taranja « tennis de table ». Nandritra ny fitokanana ity toeram-panofanana ity tamin'ny faran'ny herinandro teo no nanambaran'ny filoha mpanorina, Raobison Hervé, fa ny hanomana sahady ireo ankizy hiatrika ny fiadiana ny ho tompondaka eran-tany, ho an'ny sokajy latsaky ny 11 taona sy 13 taona no tanjona ho azy ireo. Mizara sokajy 2 ireo ankizy ao amin'ny « Academy » dia ny 2 ka hatramin'ny 9 taona, izay vao manomboka sy hampianarina ny teknika fototra. Ny sokajy faharoa kosa dia ny 9 hatramin'ny 12 taona, ireo efa mahay kely ka hamafisina ny talentany. Mandritra ny fotoana fialantsasatra dia isan'andro ny fanazarantena, fa ny alarobia sy ny zoma hariva ihany kosa rehefa anatin'ny fotoam-pianarana. Ranarison Narcisse no miandraikitra ny lafiny teknika, ampian'ireo mpilalao 5 mirahalahy ao anaty ekipam-pirenena malagasy. Anisan' izany i Linoh. Miavaka ny « Academy kids » satria dia tsy ny taranja « tennis de table » irery no ataon'ny ankizy ao fa hampianarina teny anglisy sy frantsay koa izy ireo. Nidera sy nankasitraka ny mpitantana ity ivontoerana ity ny filohan'ny federasiona (FMTT), izay tonga nanome voninahitra ny lanonana, izay nanolotra latabatra sy raketra ary "robot lanceur de balle".

**Rabenaivo**

Kitra - " Grand Tournoi d'Analamanga "

## Klioba 16 no hiady ny 20 tapitrisa ariary

Hanomboka amin'izao faran'ny herinandro izao etsy amin'ny kianjan'Ambohidratrimo, ny « Grand Tournoi d'Analamanga », eo amin'ny taranja baolina kitra. Klioba 16 no nisoratra anarana handray anjara, izay nampahatsiahivin'ny filohan'ny ligin'Analamanga, Rakotoarimanana Henintsoa, mpikarakara ny hetsika, fa lelavola 20 tapitrisa ar no atolotra ny tompondaka amin'izany. Nozaraina ho vondrona 4 ahitana ekipa 4 avy ao anatiny, ka ireo klioba 2 voalohany isaky ny vondrona no miakatra amin'ny dingana ampahefa-dalana. Amin'ny alalan'ny antsapaka no hametrahana ireo klioba hifandona hatrany amin'ny manasa-dalana, mba hampitoviana lanja sy hananan'ny klioba rehetra herijika ho tonga hatrany amin'ny famaranana. Nohamafisin'i Tôta fa tsy maintsy vita alohan'ny hanombohan'ny « Orange Pro League » izany, ary tombanana ho ny 10 desambra izao dia efa tapitra ny fifanintsanana anaty vondrona, ka eny amin'ny kianjan' Ambohidratrimo avooa no hampiantrano izany. Manomboka amin'ny ampahefa-dalana kosa dia hifindra etsy amin'ny kianjan'ny Elgeco plus ny lalao. Maro ireo klioba anatin'ny fifaninanana OPL no namaly ny antson'ny mpikarakara amin'ity, ka anisan'ny tafaraka anaty vondrona iray ny Cffa sy ny Disciple Fc. Toy izany koa ny Ajesaia sy Jet kintana ary ny Cosfa sy ny Mama Fc ihany koa iray vondrona. Ankoatra azy ireo, hiady ny lelavola 20 tapitria ar ny klioban'ny As Sainte Anne Bongatsara, izay namiratra tany amin'ny fifaninanana ACL, ny Fc Rouge, izay efa nandray anjara tamin'ny D2 rezionaly. Ao koa ny Netfoot, Requin bleu, Disciples vakinankaratra, Toulon Fc sy ny maro samihafa.

**Rabenaivo**

## Tapatapany

-***Basket*** – Hatairana omaly ny naheno fa nodimandry tetsy amin'ny HJRA Ampefiloha, Randriamanalina Herilanto, na i Bomba. Mpanazatra ny klioban'ny Ascut Basket-ball ny tenany, izay nitondra avo ny lazan'izay klioba izany nandritra ny taona maro. Efa nanazatra ny ekipam-pirenena lehilahy ihany koa izy teo aloha ary tsy nitsanga-menatra i Madagasikara tamin'izany. Izahay eto amin'ny Gaetiko dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakavian-dRatompokolahy.

**Rabenaivo**




Fifidianana prezida teto Madagasikara

# Indray mandeha ihany no mba nisy kandida nanaiky ka niarahaba ny mpifaninana lany

*"Ny mpitranga matetika aza dia ny tsy fankatoavana ny voka-pifidianana".*

Toy ny ahoana ny kolontsaina pôlitika malagasy eto ? Tao anatin'ireo fifidianana filohan'ny repoblika nifanesy natao teto Madagasikara hatramin'ny nahazoana ny fahaleovantena no mankaty dia indray mandeha ihany no mba nisy kandidà nanaiky ny fahareseny ka niarahaba ny fahalanian'ny mpifaninana taminy. Tranga azo lazaina fa naningana teto Madagasikara no niseho ny taona 1992/1993. Ny 25 novambra 1992 no natao ny fifidianana fihodinana voalohany. Notontosaina ny 10 febroary 1993 ny fihodinana faharoa, izay nifanandrinan'ny amiraly Didier Ratsiraka sy ny Profesora Zafy Albert. Nandresy teo amin'ny ampaham-bato 66 isan-jato mahery ny Profesora Zafy Albert raha 33 isan-jato mahery kosa no azon'ny amiraly Ratsiraka Didier, mbola filohan'ny repoblika teo amin'ny fitondrana tamin'io. Tsy vitan'ny hoe nanaiky ny fahalanian'ny Profesora Zafy Albert ny amiraly Ratsiraka fa niarahaba azy ampahibemaso, izay natao ho fantatry ny besinimaro. Niarahaba ny filoha malagasy vaovao lany sady nankasitraka io fihetsika « fair-play » nasehon'ny amiraly Ratsiraka io ny filoha amerikana Bill Clinton, izay filohan'i Etazonia am-perin' asa tamin'izany.

Raha tsiahivina anefa dia ny Profesora Zafy Albert no tena mpanohitra ny fitondran'ny amiraly Ratsiraka nanomboka ny taona 1991. Izy no filohan'ny Filankevi-pirenen' ny Hery Velona najoron'ny FFKM ary mbola nitarika ihany koa ilay diabe nankeny amin'ny Lapan'ny Iavoloha ny 10 aogositra 1991. Ankoatra izany, nisy ireo tsy fahatomombanana sy lesoka hita tamin'ireo fifidianana natao ireo ary mbola karazan'ny mpanara-maso ny fifidianana fotsiny ny CNE, na Filankevi-Pirenena momba ny Fifidianana, izay rafitra nisy tamin'izany. Mbola ny minisiteran'ny Atitany no tena nikarakara ny fifidianana. Tsy mbola nisy koa ny biletà tokana fa anjaran'ny kandidà no nanao izay nahatongavan'ny vatony any amin'ny birao fandatsaham-bato.

**Fahita**

Ny zavatra fahita isaky ny misy fifidianana filohan'ny repoblika teto Madagasikara dia tsy misy kandidà manaiky ny fandresen'ny kandidà mpifaninana aminy, na miarahaba azy izany. Ny mpitranga matetika aza dia ny tsy fankatoavana ny voka-pifidianana. Tamin'ity taona 2023 ity aza somary hafakely, satria mbola tsy nandeha akory ny fifidianana dia efa notoherin'ny sasany, izay nametraka ny filatsahany ihany. Anisan'ireo ohatra vitsivitsy hotanisaina eto ny fanoherana ny voka-pifidianana Filohan'ny Repoblika tamin'ny taona 1982, izay nahalany ny amiraly Ratsiraka nefa nambaran'ny kandidà Monja Jaona nifaninana taminy fa nisy halabato. Toy izany koa ny tamin'ny taona 2002, izay nitarihan'ny kandidà Ravalomanana Marc olona hidina an-dalambe nitakiany ny nantsoiny hoe « fanajana ny safidim-bahoaka » ka nilazany fa izy no lany fihodinana voalohany (1er tour dia vita), ary nanoherany ny hisian'ny fihodinana faharoa teo aminy sy ny amiraly Ratsiraka. Nahitana fanoherana toy izany koa ny voka-pifidianana tamin'ny taona 2013 nefa Fitsarana manokana(Cour électorale spéciale) fa tsy HCC no nitsara ny fifidianana tamin' io. Toy izany koa ny taona 2018, mbola tsy nanaiky ny voka-pifidianana ny kandidà Ravalomanana, saingy talohan'ny namoahan'ny HCC izany dia nanaiky ihany ny tenany tamin'ny farany.

Fehiny, tsy lavina ny tsy fahatomombanana sy lesoka miverimberina isaky ny fifidianana filohan'ny repoblika notontosaina teto Madagasikara. Nisy foana anefa ny kandidà nanana anton-javatra tsy nankatoavana ny voka-pifidianana, eny fa na dia nisy aza tato aoriana ny fanovana ny lalàm-pifidianana sy ny fananganan ny Vaomiera Mahaleotena momba ny Fifidianana. Sanatria ve efa lasa kolontsaina pôlitika malagasy izany?

**L.R.**

## Marina izany !

### Miandrandra !

**Samy miandrandra zavatra daholo ny rehetra manomboka amin'ity anio ity. Ao aloha ireo miandrandra ny hamoahan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny voka-pifidianana filohan'ny repoblika notontosaina farany teto amin'ny firenena iny. Mifampitohy amin'izay, ao ireo efa miandrandra fandresena tamin'iny fifidianana iny, nefa ankilan'izay, misy koa ireo miandrandra izay ho valin'ny fitoriana napetrany mahakasika iny fifidianana iny. Ankoatra an'izay, misy ireo efa miandrandra ny fitsenana ny fetin'ny krismasy na noely, izay hankalazaina afaka telo herinandro eo. Tsy latsa-danja noho izany, ao koa ireo miandrandra ny hamaranana ity taona madiva hivalona ity sy ny fitsenana ny taona vaovao. Mahakasika ny fiainam-pirenena ihany dia efa mba miandrandra seza ihany koa ny mpanao pôlitika, indrindra fa ireo nanohana. Marina fa tokana ny toerana homena ny filohan'ny repoblika ho lany eo. Tsy ny filohan'ny repoblika irery anefa no hitondra ny firenena fa tsy maintsy misy ny fanendrena olona hitana ireo andraikitra samihafa, ka anisan'izany ny Lehiben'ny governemanta sy ny minisitra. Raha izay ny an'ny mpanao pôlitika dia mba miandrandra fiainana vaovao sy tsaratsara ihany koa ny Malagasy amin'ny taona vaovao io, fa indrindra fiainana vaovao sy tsaratsara hoentin'izay filoham-pirenena ho lany sy hitondra eo indray.**

Lucien Raharison

Vondron'ny kandida

# Nampiseho ireo lazainy ho porofon'ny fandikan-dalàna tamin'ny fifidianana

*Sokajian'ny vondron'ny kandida ho tsy azo raisina sady tsy mitombina ny didy havoakan'ny HCC mikasika ny fifidianana filoham-pirenena, anio.*

Ambohipihaonan'ny herivelona samihafa eto amin'ny firenena toy ny mpanao politika, firaisamonim-pirenena, Raiamandreny ara-panahy sy ara-drazana ary mpitarika sendika ny teny amin'ny Foiben-toeran'ny antoko PSD eny Andohan'i Mandroseza, omaly. Antony, nitaona ireo nahita hosoka sy tranga tsy fahatomombanana tamin'ny latsa-bato notanterahina teto Madagasikara tamin'ny 16 novambra iny mba hitondra sy hampiseho ny porofon'izany teny an-toerana ny Vondron' ny kandida. Ireto farany tao anatin'izany rehetra izany niezaka nitondra ny tsikariny, toy ny hoe tsy mitovy ny isambato voarakitra tao anatin'ny fitanana an-tsoratra sy ny navoakan'ny CENI. Nilaza mihitsy ny kandida Siteny Randrianasoloniaiko tamin'izany fa tsy hanaiky izay ho voka-pifidianana eo ny tenany raha tsy misy ny fampitahana iarahany amin'ireo rafitra sy Andrimpanjakana mpikirakira ny fifidianana.

**Tsy azo raisina**

Etsy andanin'izany, rehefa vita ny fampisehoana ireo voalaza fa porofo dia nitondra ny toromarika sy ny fomba fijerinn'ny Vondron'ny kandida Ing. Hajo Andrianainarivelo. "*Nitondra ny santionany tamin'ireo porofon'ny tsy fahalavorarian'ny fifidianana isika rehetra androany. Mampiseho ireny fa sady tsy azo raisina no tsy mitombina izay didy havoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana mikasika iny sarintsarim-pifidianana tsy nandraisantsika anjara iny*", hoy io kandida io tamin'izany. Mikasika izay resaka manodidina ny fifidianana izay hatrany saingy eo amin'ny mety ho tohin'ny tolona indray, dia nanambara Ing. Hajo Andrianainarivelo fa mbola fanafanana tena fotsiny ireny diabe am-pilaminana notarihan'izy ireo teo aloha ireny fa hanomboka eto ny tena lalao ka niantsoany ny herivelona rehetra mba ho sahy hijoro amin'izany.

**Mamy R.**

Antenimierampirenena - Lalàna mifehy ny tetibola 2024

# Lany tsy nasiam-panitsiana, nivoaka ny efitrano ny TIM

Efa nampoizina ! Nizotra araka ny niheverana azy ny fandaniana ny lalàna mifehy ny tetibolam-panjakana ho amin'ny taona 2024 teny amin'ny Antenimierampirenena. Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovana teny amin'ny Lapan'i Tsimbazaza omaly ny volavolan-dalàna laharana 023/2023 mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ho an'ny taona 2024. Solombavambahoaka 63 no nandany izany, ka ny IRD no maro an'isa ary solombavambahoaka iray kosa no tsy nilaza ny heviny. Na tonga nandray anjara tamin'ny fivoriana aza, dia lasa nivoaka ny efitrano ireo depiote avy amin'ny antokoTiako i Madagasikara (TIM) rehefa tonga teo amin'ny fotoana hanatanterahana ny tsangan-tanana fandraisana fanapahan-kevitra. Nohamafisin'ny depiote voafidy tao amin'ny boriboritany voalohany eto Antananarivo, ny Me Razafimanantsoa Hanitra, tamin'izany fa tsy nampandany ity volavolan-dalàna momba ity LFI izy ireo, satria natao amboletra izany. «*Fandrebirebena saimbahoaka sy tsy mitombina ary tsy ahafahana mampandroso firenena io LFI io*», hoy ny fanazavany. Nilaza kosa ny depiote IRD voafidy tao amin'ny boriboritany faharoa eto Antananarivo, Rtoa Rakotomanga Lanto, fa mirona bebe kokoa amin'ny resaka sosialim-bahoaka ity lalàna mifehy ny tetibola ity, ka lehibe indrindra amin' izany ny resaka fanabeazana sy ny fahasamalana ary ny fanamafisana ny fandriampahalemana. Handalo fankatoavana eny anivon'ny Antenimierandoholona indray ity volavolan-dalàna momba ny tetibola 2024 afaka andro vitsy.



**Ireo depiote nanangan-tanana sy nampandany ny tetibolam-panjakana 2024.**

**JUDD**

PETITES ANNONCES Gazetiko

**MIVIDY**

* Mme Feno. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.01.764.83. (G-BA 688/20-15)

**COURS**

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 696/5-2)

**VIDANGE**

* Sce vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 686/18-1)

* Sce vidange fosse septique, puisard, wc perdu, Makiplast, wc gasy. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 689/15-14)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 698/6-1)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 688/6-1)

1

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 698/6-1)

**MITADY ASA**

* Equipe Maçon mahay. Mitady asa : manangana sy manao finit° rhtr (carreaux…). Tél : 034.23.909.68. (G-BA 694/10-8)

Ankazobe

# Olona 5 nalain'ny jiolahy an-keriny, mpandraharaha iray maty voatifitra

*Tsena maromaro teo antanàna no norobain'ireo jiolahy.*

Fanafihan-jiolahy nahery vaika indray no nitranga tao Tsarahonenana, kaominina Kiangara, distrikan' Ankazobe, ny alarobia teo tokony ho tamin'ny 07 ora hariva. Mbola tsy natory akory ny olona no nirefodrefotra ny basy teo an-tanàna. Jiolahy efa manodidina ny roapolo lahy nirongo basy no nanafika ny tanàna. Nampihorohoroiny tamin'ny poa-basy ny mponina, sanatria toy ireny amin'ny horonantsary ireny mihitsy. Nandritra izany no nandroban'izy ireo tsena maromaro teo an-tanàna. Ka raha ny voalaza dia lelavola mitentina 2 tapitrisa Ariary no azon' izy ireo niaraka tamin'ny entam-barotra, izay zakany. Efa nanomboka nisahotaka ny mponina ka nivoaka tsikelikely nijery ny zava-nitranga. Tamin'izany indrindra no nahavoatifitra ity lehilahy iray mpandraharaha ao an-toerana ity, izay voatifitra teny ambony môtô. Tsy nanampo na inona na inona akory io fa hamonjy fodiana izao nifanehatra tamin'ireo jiolahy izao ka tonga dia notifiriny ary maty tsy trà-drano.

**Mihorohoro**

Ankoatra io dia nisy tamin' ireo fokonolona ihany koa no naratra. Talohan'ny nandehanan'ireo jiolahy dia mbola nisy olona dimy mianadahy ihany koa nentin'izy ireo ankeriny nataony takalonaina. Nampandrenesina avy hatrany moa ny mpitandro filaminana ka efa mandeha fikarohana ireo olon-dratsy ireo amin'izao. Mihorohoro tanteraka ny mponina any amin'ny faritra Ankazobe iny, satria tena mirongatra ny tsy fandriam-pahalemana any an-toerana. Nisesisesy mihitsy ny fanafihan-jiolahy sy ny fakana olona an-keriny tato ho ato. Ankoatra an'io tranga io izao dia vehivavy iray ihany koa no nidiran'ny lehilahy iray nisaron-tava tao an-tranony tao Soanierana Ankazobe afakomaly alina. Niditra avy eny am-baravarankely io ary novonoiny ny jiro. Saika hovonoiny ilay ramatoa, izay efa naratra vokatry ny tsindrona antsy nahazo azy. Mbola afaka nandrehitra jiro ihany anefa izy ka vaky nandositra ilay olon-dratsy. Efa mandeha ny fikarohana.

**R.C**

Famonoana an'i Ntsoa, tarika VHF

# Voasazy asa an-terivozona ny voampanga sy ny sakaizany

Notanterahina tetsy amin'ny lapan'ny fitsarana Anosy ny raharaha famonoana an'i Ntsoa, tarika VHF. Fito taona asa an-terivozona no azon'i Valeria, mpiara-miasa sady sakaizan'i Ntsoa, ary 20 taona asa an-terivozona ny an'i Tsila, mpamiliny. Noafahana noho ny fisalasalana kosa ireo voampanga 7 ambiny. Raha tsiahivina dia ny alin'ny alatsinainy 7 novambra 2022 hifoha talata no nodimandry Rabemanantsoa Andriatiana, 33 taona, fantatra amin'ny anarana maha mpanakanto azy hoe Ntsoa. Tao amin'ny tarika VHF sy tarika Ny Feo no niangaliany hiram-bavaka, ary i Ntsoa no anarana entiny rehefa manao hira madinika. Nisy namono ity mpanakanto ity ary tany ambany tetezana tany Ambohimanarivo ( 3km eo ho eo miala an'i Talatanivolonondry, izany hoe teo amin'ny « PK 29+700 RN3 », no nahitana azy nihosin-dra ary efa tsy misy aina intsony tao anatin'ny fiarany. Rehefa nozahana ny razana dia nahitana dian'antsy 7 tamin'ny tratrany havanana, niboraka ny tsinainy, nisy dian-java-maranitra milentika eo amin'ny sorony roa. Raha ny fahitana azy aloha dia novonoina tamin'ny fomba feno habibiana ity artista ity, vao navarina niaraka tamin'ny fiarany teo amin'ny tetezana. Marihina fa anisan'ny nampiarapeo tamin'i Ntsoa tamin'ny hira mitondra ny lohateny hoe « Tsapako tena mamy » io sakaizany voasazy asa anterivozona voalaza etsy ambony io.

**Deyland**

Itaosy

# Rongony 93 fonosana sarona, lehilahy iray voasambotra

Lehilahy iray 35 taona no voasambotry ny polisy misahana ny ady amin'ny zava- mahadomelina teny Itaosy ny talata lasa teo. Nahazo loharanombaovao avy amin'ny olona tsara sitra-po ny polisy mikasika ny fisian'ny lehilahy iray mivarotra rongony mipetraka eny Ambohimarina Itaosy. Vantany vao nandre izany ny polisy dia nandeha nidina ifotony nankany amin'ilay



**Ilay voasambotra sy ireo fonosana rongony tratra tao aminy.**

toerana voalaza ahitana io olona io. Nandritra izany tokoa no sarona teo am-pivarotana rongony ilay lehilahy. Nisy avy hatrany ny fisavana natao tao amin'ilay trano ka rongony 93 fonosana no sarona tao. Nosamborina ralehilahy ary nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy. Efa nentin'ireto farany ihany koa ireo zava-mahadomelina ireo ary nogiazana avy hatrany. Nandritra ny famotorana nataon'ny mpitandro filaminana an'ity lehilahy ity dia niaiky izy fa azy ireo zava-mahadomelina ireo ary eny Ampitatafika izy no mividy izany. Tsinjarainy ilay izy avy eo ary amidiny indray. Taorian'ny famotorana teo anivon'ny mpitandro filaminana dia niakatra fampanoavana afakomaly ny mikasika ity raharaha ity.

**T.H**

Vangaindrano

# 2 lahy nahatrarana basy sy bala voasambotra

Roa lahy nahatratrarana basy sy bala no voasambotry ny mpitandro filaminana tany anatin'ny distrikan'i Vangaindrano, noho ny fanafihana mitam-piadiana niseho ny alin'ny talata hifoha alarobia lasa teo. Nisehoan'ny asan-jiolahy mantsy tany an-toerana tamin'io fotoana io ary nisy olona naratra nandritra izany. Raikitra ny fisavana azy ireo ka nahitana basy vita gasy teny amin'ny iray tamin'izy ireo niampy bala roa. Nosamborina izy roa lahy ireto ary nentina nankany amin'ny biraon'ny mpitandro filaminana taorian' izay. Notanana tao izy ireo ary mitohy ny famotorana.

**T.H**

Mahajanga

# Tovovavy naolan'ny mpitondra bajaj

Tsy nentin'ilay bajaj tany amin' ny toerana tokony ho nalehany ilay tovovavy fa naviliny teny an-tenantenan-dàlana. Tovovavy iray tokony roapolo taona eo no naolan'ilay mpitondra bajaj nandehanany. Tao Mahajanga no nitrangan'izany ny alatsinainy lasa, teo. Araka ny fanazavana azo, raha ho eny Ambondrona mantsy no nifanarahana dia navilin'ilay mpamily teo Tsaramandroso ny bajaj. Efa nisy naman'ilay mpitondra bajaj niandry teo amin'ilay toerana nijanonana. Nanamparan'ireo ny filàndratsiny tao ilay tovovavy ka rehefa vitany ny nataony dia navelany teo. Niantso vonjy moa io avy eo, ka ny olona teny amin'ny manodidina no namonjy sy nitondra azy tany amin'ny hopitaly. Voalaza fa misy amin'ireo mpitondra bajaj ihany koa no manendaka ka mila mitandrina ny rehetra. Tamin'ity izao dia voalaza fa mbola andro mazava, tokony ho tamin'ny 05 ora hariva no nahavoa ilay tovovavy io.

**R.C**

Vohipeno

# Miaramila Adjidà sefo hita faty nananton-tena teo ambony hazo

Maty nihantona tamin'ny tady ny miaramila iray adjidà sefo. Tao amin'ny kaominina Vohitrindry, distrikan'i Vohipeno, no nahitana ny vatana mangatsiaka, ny alarobia teo . Ahiana ho famonoan-tena no nahatonga ny famoiziny ny ainy. Araka ny angom-baovao hatrany dia miaramila miasa ao amin'ny toby sampana famonjena voina, na ny « CPC » Ivato, ity namoy ny ainy ity. Voalaza fa naka andro tsy fiasana izy noho ny voalaza fa antony hamaha olana aratokantrano, kanjo izao hita faty nihantona tamin'ny hazo (apaly) izao any Vohipeno. Efa eo ampelatanan'ny fianakaviany ny razana ary efa nalevina, omaly. Andrasana kosa izay mety ho tohin'ny fanadihadiana ny raharaha.

**Deyland**


**Gazetiko**

Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000

**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA

**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06

**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo

**B.P.** 1414 - Antananarivo

**Tél :** 22 697 79 / 22 697 80

**Fax.** 22 273 51

e-mail : midigazetikom@gmail.com

**D.L.I :** 16 412 - 12 - 23

Isan'ny natonta : 25 000


**Nahandro**

## Anamalaho sy akoho gasy

Zavatra ilaina : Akoho gasy antsasa-kilao, anamalaho 400ar, sira sy menaka 1cas.

Fikarakarana azy: Ampangotrahina ho masaka ny akoho gasy, rehefa akaiky halemy vao arotsaka ny anamalaho. Mety amin' izao andro mangatsiaka izao no sady miaro amin' ny gripa ihany koa. Ampiarahana amin'ny vary mafana, dia aoka fotsiny.

**MANAL'AZY DE MI'MEME**



## Sarisary zary tenany

Fivoriana




## Hatsikana an-tsary

Fitaka




## Masoandro miposaka

**Salamo 30 : 11-12**

Efa nampody ny fisaonako ho fandihizana Hianao; efa nanaisotra ny lamba fisaonako Hianao ka nampisikina ahy fifaliana, Mba hankalazan'ny fanahiko Anao ka tsy hangina. Jehovah Andriamanitro ô, hidera Anao mandrakizay aho.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Vosotra dia zary tenany.**

Une plaisanterie qui finit par une querelle.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3113**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | 5 | | 1 | | | 8 | |
| 7 | | | | | 2 | | | 6 |
| 3 | | | | 4 | | | 5 | |
| | | | | | | 9 | | |
| | | | | 7 | 6 | | | |
| | 9 | 8 | | | | | 6 | 5 |
| 1 | | 3 | | | | | | |
| 2 | | | | 8 | 4 | | 9 | 1 |
| | | | | 2 | | | | 4 |

Valin'ny laharana **3112**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 9 | 3 | 5 | 4 | 6 | 7 | 1 | 8 | 2 |
| 4 | 6 | 7 | 8 | 1 | 2 | 3 | 5 | 9 |
| 1 | 2 | 8 | 5 | 9 | 3 | 7 | 4 | 6 |
| 6 | 5 | 4 | 1 | 3 | 8 | 9 | 2 | 7 |
| 7 | 1 | 2 | 9 | 4 | 5 | 8 | 6 | 3 |
| 3 | 8 | 9 | 2 | 7 | 6 | 5 | 1 | 4 |
| 5 | 9 | 6 | 7 | 8 | 4 | 2 | 3 | 1 |
| 2 | 7 | 3 | 6 | 5 | 1 | 4 | 9 | 8 |
| 8 | 4 | 1 | 3 | 2 | 9 | 6 | 7 | 5 |

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Sivy volana an-kibo no nikoloako ny fonao, ka tandremo tsy hisy haningotra azy, fa kajio sy lalao. Sao segondra kely monja tsy hitandremanao no mety hahitana loza, handrotsahanao tomany. "
Ny Vetso (13.05.16)
("J'ai mis neuf (9) mois pour façonner ton petit mur. Ne laisse personne le briser en quelques secondes.")

Hery Vaika sy Diary

## Manome fotoana ny rehetra ao amin'ny Annexe le Zoma Antaninandro rahampitso




**I Hery Vaika sy i Diary.**

Manome ny fotoana ho an'ny rehetra i Hery Vaika sy Diary rahampitso, ao amin'ny Annexe le Zoma Antaninandro. Hanomboka amin'ny roa ora tolakandro tsy diso ny fotoana amin'io. Ho avy hiaraka amin'izy ireo ao i Rene sy Ony, Michella Henintsoa, Mozika Rolland Romeroll, ary ny mpanolotra dia i Aina Maharavo. Mozika kanto, hira mahafinaritra no hatolotr'izy ireo ho an'ny rehetra amin'io. Marihina fa hisy ny hatsikana, eo koa ny hira miaro hatsikana. Fialam-boly natokana ho an'ny mpianakavy izy ity ka dia antenaina fa ho maro ny hamaly ny antso. Ny vidimpidirana rahateo efa natao mirary mba hahafahan'ny rehetra mianoka izany tsara.

**Tanya.R**

*midigazetikom@gmail.com*

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana-Tanindrazana-Fandrosoana

MINISTERE DE LA JUSTICE

TRIBUNAL DE PREMIERE INSTANCE D'AMBATOLAMPY

**FAMOAHANA AN-GAZETY**

Ho fanatanterahana ny matoan'ny didin'ny Filoha laharana faha-345 tamin'ny 28 novambra 2023, ary koa ny andininy faha 232 sy ny manaraka ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny paika ady madio, ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany Ambatolampy dia manome alalana Andriamatoa RAMAMONJIISOA Paul, monina ao Ambohimandroso « A », Fokontany Ambohimandroso, Distrika Antanifotsy, handefa an-gazety ny didim-pitsarana laharana faha-443 tamin'ny 12 septambra 2023 izay ifanolanany amin'i ANDRIANALIZAH Victor sy RAVAOHARISOA Hélène, samy monina ao Antsahavola Antananarivo, izay toy izao manaraka izao ny votoatiny:

NOHO IREO ANTONY IREO,

Mitsara ampahibemaso, nifanatrehana tamin'ny mpangataka RAMAMONJIISOA Paul, heverina kosa ho toin'ny natrehan'i ANDRIANALIZAH Victor sy RAVAOHARISOA Hélène, amin'ny raharaha ady madio, mbola azo hanaovana fampiakarana Fitsarana Ambony,

Lazaina fa tanteraka ny didy savaravina laharana faha 342 tamin'ny 11 jolay 2023 ;

Lazaina fa azo raisina ny fangatahana ;

Lazaina fa mitombona izany ;

Lazaina fa azon-DRAMAMONJIISOA Paul, amin'ny alalan'ny fizakan-tany ny ampahan-tany mirefy manontolo 50 A 20 CA alaina ao amin'ny ny tany atao hoe « AMBOHIMANDROSO XVI » TN 749 S ao Ambatoharanana, fokontany Ambohimandroso B, kaominana Ambohimandroso, distrika Antanifotsy, misoratra amin'i ANDRIANALIZAH Victor sy RAVAOHARISOA Hélène, ka voatsipika mena ao amin'ny saritany narotsaky ny Mpahay ;

Didiana ny hamindrana ny tany voalaza eo ambony amin'ny anarany sy ny hanomezana azy titra mifandraika amin'izany ;

Lazaina fa foana ary tsy manan-kery ny titra teo aloha momba io tany io n'aiza n'aiza misy azy ;

Didiana hanatanteraka izany ny Lehiben'ny Mpikajy ny fananan-tany ao Ambatolampy ;

Ny mpangataka no mandoa ny lany amin'ny Fitsarana .

Notsaraina araka izany ary navoaka ampahibemaso tamin'ny andro, volana ary taona voalaza ery ambony, ary niarahan'ny Filoha sy ny Mpiraki-draharaha nanao sonia ny matoan'ity didy ity.

Lazainay fa ity didy dia dia tsy azo ampiharina raha tsy tapitra ny telopolo (30) andro, ary izany dia ihany manomboka ny daty anaovana ny famoahana an-gazety voalaza etsy ambony.

=== MANARAKA IREO SONIA ===

Saoty: Ar 2.000

LE GREFFIER EN CHEF DU TRIBUNAL DE PREMIERE INSTANCE AMBATOLAMPY

LE GREFFIER EN CHEF DU TRIBUNAL DE PREMIERE INSTANCE AMBATOLAMPY

G-CL689/1-1

**Zoma manifika**

# Henri Ratsimbazafy, Rija Ramanantoanina , Raimbl, …

*Mpanakanto azo lazaina fa sangany avokoa no hiaka-tsehatra hanafana ny fialambolin'ny zoma manifika anio. Maro ny safidy ho an'ireo mpialavoly, ary azo lazaina fa samy hahazo ny tandrify azy avokoa ny rehetra. Santionany ihany ireto :*

**Henri Ratsimbazafy – 90 taona**

**Hiantsehatra eny amin'ny Les Cygnes Ivato**

Taorian'ny fiakarana an-tsehatra notanterahin'i Henri Ratsimbazafy tany Frantsa ny faran'ny volana oktobra teo dia hihaona amin'ny mpankafy azy eto an-tanindrazana indray ity andrarezin'ny mozika malagasy ity anio. Eny amin'ny efitrano malalaky ny Les Cygnes Ivato no hiaka-tsehatra i Henri Ratsimbazafy, anio manomboka amin'ny 8 ora alina. Tafiditra anatin'ny famaraparanany ny fankalazany ny faha-90 taonany hatrany ny hetsika. Hoentiny mitety ireo vazony mampalaza azy sy tsy lany hamamiana ireo rehetra mamaly ny antsony amin'izany. Ny taona niainan'i Henri Ratsimbazafy rahateo no betsaka, fa raha ny fihetsiny eny ambony lapihazo sy ny fitadidiany ireo hirany marobe ary indrindra ny faharetany eny ambony sehatra, mbola mitana tsara ny lehilahy, na andro alina no miaka-tsehatra. Porofon'izany ny seho nandritra ny adiny 4 tany Frantsa farany teo, izay nampiaiky ireo nanatrika sy nahita tamin'ny pejy fesiboky. Azo antoka fa tsy latsa-danja an'izany ny eny Ivato anio alina.

**Tarika Iraimbilanja**

**Eny amin'ny Le By Pass After Work**

Mpihira mozika rock nahavita nitety vanim-potoana ! Izay no azo amaritana ny tarika Iraimbilanja eto amintsika. Anisan'ireo tarika mpiangaly mozika rock nambabo ny fon'olona maro nanomboka tany amin'ny taona 80 tany ho any ka hatramin' izao ry Iraimbilanja. Izany hoe 40 taona nivoizana ny mozika rock teto amintsika. Azo lazaina fa mbola mahatazona ireo mpankafy azy hatramin'izao sady nahavita nampita ny fanilony tamin'ireo ankizy taty aoriana ihany koa. Anio, ao anatin'ny fialambolin'ny zoma manifika, dia hihaona sy hampialavoly eny amin'ny Le By Pass After Work ny tarika. Ny mpikambana rehetra ao anatin'ny tarika, no hifarimbona hanafana ny fotoana amin'ireo vazony mbola tsy lany manja hatramin'izao. « *Zavavy* », « *Tao an-tsekoly* », « *Mosoara* », « *Mizora* », « *Raosy jamba* », « *Tsy minday pasazy* », no sombiny amin'ireo vazo hanakoako ao an-toerana. Roger, Papay, Niry, Batata mbola eo avokoa ary mbola mijoro tsara tsy mitsoaka ady !

**Rija Ramanantoanina**

**Handrotsirotsy ao amin'ny Piment Café Behoririka**

Hiavaka indray ny fialamboly ho an'ireo mpanjifan'ny Piment Café Behoririka anio. Taorian-dry Jeneraly tamin'ny herinandro. Rija Ramanantoanina sy ireo hiram-pitiavany indray no handrotsirotsy ireo mpialavoly anio, manomboka amin'ny 8 ora alina. Amin'ny maha mpanjakan'ny hiram-pitiavana an'i Rija Ramanantoanina dia hahazo vahana ireo hirany nitaiza sy nanolokolo fanahy sy tokantrano malagasy maro manerantany. Hoentiny hamakivaky ny taona nampahalaza ny vazony hatramin'izay izay mamaly ny antsony anio. Mazava ho azy fa ireo hira tena be mpankafy sy be mpangataka no omeny sehatra kokoa. Anisan'ny ankafizin'i Rija Ramanantoanina ny « cabaret », satria miendrika donakafon'ilay takariva amorompantana ireny. Mifanakaiky fo kokoa ny mpanakato sy ny mpankafy amin'io, araka ny nambarany.

**Nangonin'i Fy**

Airtel Madagasikara sy EMIT

# Miara-miasa amin'ny fanohanana ny fanabeazana sy ny fanavaozana ara-teknolojia




**Tontosa ny fifanaovan-tsonia fiaraha-miasa eo amin'ny Airtel Madagasikara sy ny Sekoly EMIT ao Fianaranatsoa.**

Miroborobo ny fampiasana ny teknolojia vaovao amin'izao fotoana izao. Tsy any ivelany ihany fa indrindra aty amin'ny tany andalam-pandrosoana, ka tafiditra ao anatin'izany i Madagaikara. Manana ny taikefany sy ny fahaizamanaony amin'izany ny Airtel Madagasikara ka tsy vitsy ny sehatrasa sy ny toeram-pianarana miara-miasa aminy. Tsy diso anjara amin'izany ny ao Fianarantsoa, satria dia tontosa afakomaly tetsy Ivandry ny fifanaovan-tsonia fiaraha-miasa eo amin'ny Airtel Madagasikara sy ny Sekoly EMIT. « Nanamafy indray ny fahavononany amin'ny fampandrosoana ny vondron'ny tanora amin'ny fanomezana azy ireo tontolo fianarana manara-penitra, mety hanomana tsara ny fidirany ao anatin'ny tontolon'ny matihanina, ny Airtel Madagasikara », hoy i Heritiana Randrianarison, DG, mpisolo toerana. Io fomba fiasa io dia ahafahana manome fanohanana tena ilaina amin'ireo tetikasa fanavaozana ara-teknolojia isan-karazany an'ny EMIT, amin'ny alalan'ny « Airtel Digital Labs ». Hifantoka amin'ny fandaminana tsy tapaka ny atrikasa fanofanana iarahana amin'ny EMIT ny Airtel mba hamitana tsara kokoa ny lalana ho an'ny mpianatra hisehatra amin'ny famoronana asa. Ankoatra izay dia nanome fitaovana ara-teknolojia sy fanaka ho an'ity sekoly ambony ity ny Airtel. « Hanokatra fahafahana ho antsika ary hanome loharanom-pahalalana bebe kokoa ho an'ny mpianatra sy ny mpiasa amin'ny fampivoarana azy ireo. Tsy izay ihany fa ilaina ny kalitaon'ny fiofanana sy ny fananana fotodrafitrasa manara-penitra», hoy ny Dr Hasina Lalaina Rakotonirainy, talen'ny EMIT. Fianarantsoa.

**Tiaray R**

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

## Izy no izy

Nivo Jonah Ludovic André mpikabary

### Tsotra, hentitra, tia mihaino sy manampy

'' Mpitarika ny fikambanana Tonga Dia Action''

*''Olona tsotra aho kanefa ny zavatra tsy tiako kosa dia ny manao asa zara fa vita na be kilavaka amin'ny zavatra atao, ary mampasiaka ahy mihitsy. Ny rambon'omby sy voanjo no nahandro tena ankafiziko. Mpikambana amin'ny FI.MPI.MA (A.MA.A.A Toamasina) aho, ary ny teny malagasy sy ny fitafy malagasy no tena sarobidy amiko, satria, hoy ny fitenenana manao hoe izay tia ny tenin-drazany no tia ny tanindrazany. Ny mampiavaka ahy amin'ny hafa dia ny fitiavako miara-miaina amin'ireo olon-tsotra ary ihany koa ireo manamboninahitra. Izaho dia miara-miasa amin'olona rehetra ka tohanako sy ampiako avokoa, eny fa na ny fahavaloko aza. Fatra-panaja olona aho eny anivon'ny fiarahamonina ary mifampitaiza koa. Tsapako fa mafy ny fiainana fa tsy misy ny mafy tsy laitrin'ny zoto, ka rehefa am-pitiavana no anaovana ny zavatra rehetra dia tsy maintsy tafita''*, hoy Atoa Nivo Jonah Ludovic André. 36 taona izao ary mpandraharaha amin'ny trano fandraisam-bahiny, sady mpitarika ny fikambanana ''Tonga Dia Action''. Manambady Atoa Ludovic ary manan-janaka mianadahy. Ny zavatra tena tsy tiany dia *''ny fanaratsiana olona sy ny fisomparana ny namana. Maniry aho mba ho tomponandraikitra amin'ny fampandroasana an'i Toamasina ary ny faniriako afaka 3 na 5 taona dia ho reharehan'i Madagasikara ny Renivohitry ny Faritra Atsinanana''*, hoy hatrany Atoa Ludo, io no ahafantaran'ny maro azy.

**Asa soa**

*''Teraka Krisimasy tao Manompana Soanierana Ivongo aho. Noho ny fitiavako fanatanjahan-tena dia manana kianja synthétique sy ivontoerana fanaovana fanatanjahantena ao Androranga Toamasina aho. Mpanao politika sy mpanolotsain'olomboafidy sy olomboatendry aho, ary koa mpikambana amin'ny FITAHOFI (Fikambanan'ny Tanora Ho avin'ny Firenena). Mitantana klioban'ny baolina kitra AS Corbeau sy AS Fortior-n'i Toamasina''*, hoy Atoa Ludo. *''Anisan'ny mandray anjara mavitrika amin'ny fampandrosoana an'i Toamasina aho, satria zanak'i Toamasina. Nanomboka nanao asa soa kaho ny taona 2018 hatramin'izao. Tsy ny fikarakarana an'ireo tanora mpanao baolina kitra ihany no ataoko fa isam-pokontany ihany koa dia manolotra fitaovana, toy ny « maillot » sy baolina izahay. Tsy hadino ny fanomezana sy fanampiana isam-pokontany isaky ny faran'ny taona . Amin'izao fotoana izao dia mandeha ny fanamboarana an'ireo tetezana simba ao antampontanànan'i Toamasina, satria mahatsapa izahay fa sahirana ny olona miveizivezy sy mpampiasa azy ireo''*, hoy hatrany Atoa Ludovic. Raha ny fanadihadiana nataonay dia tetezana fito, narafitra tamin'ny vato no efa vitan'ity mpandraharaha ity sy ny fikambanana ''Tonga Dia Action''. Maro ireo olona afa-pasahiranana tamin'ny fahavitan'ireo tetezana ireo.

**HAR**

EVASAN - Inde

## Manamora ny fivoahana ny Curesure Medico

Anisan'ny firenena mandray marary mila fitsaboana na fandidiana betsaka i Inde. Maro ireo Malagasy misafidy mandeha any, satria manan-tsafidy amin'ny karazana hopitaly na fitsaboana. Nampahafantarina tamin'ny fomba ofisialy omaly teny amin'ny oniversite FJKM Andohalo ny fisian'ny « Agence de Tourisme Médical et Evacuation sanitaire ». Araka ny fanazavan'i Joseph Jérome, tomponandraikitra eo anivon'ny Curesure Medico eto Madagasikara dia dingana voalohany atao raha maniry hitsabo tena any Inde ny fanaovana diagnostic, manatona hopitaly ary mijery izay aretina mila fandidiana na fitsaboana manokana. Rehefa izay dia alefa any Inde ny dosie-n'ilay marary mba hahafahana manao tombana ny saram-pitsaboana sy ny vola mila omanina, ary miverina eto Madagasikara ny dosie avy eo manambara ny dingana rehetra arahina. Maimaimpoana avokoa izany dingana voalohany rehetra izany ary ao anatin'ny mangarahara. Miankina amin'ny fahefa-mividin'ny tsirairay kosa ny tolotra omena azy ireo ary voalaza fa miara-miasa amin'ny hopitaly 22 any Inde ny Curesure Medico. Manohana azy ireo ny Ambassaden'i Inde, indrindra fa amin'ny resaka Visa. Hatreto dia ny « greffe de rein » no tolotra be mpitady indrindra any Inde, kanefa manao hatramin'ny fanatsarana endrika amam-bika, na « chirurgie esthétique », izy ireo.

**Nath**

JIRAMA

# Amin'ny 12 ora alina ka hatramin'ny 4 ora maraina ny delestazy

*"Mila miaritra kely ny mpanjifa", hoy ny minisitry ny Angovo sy ny Akoranafo.*

Misedra olana ny famokarana herinaratra eo anivon'ny JIRAMA. *"Mihena ny riandrano nanomboka ny volana aogositra ka hatramin'ny desambra. Ny ankamaroan' ny famokarana herinaratry ny JIRAMA anefa dia mampiasa tohodrano. Nidina 40 MW (Mégawatts) ohatra ny fahafahan'Andekaleka mamokatra herinaratra noho ny tsy fahampian'ny rano, kanefa manana fahafahana mamokatra hatramin'ny 120 MW. Tsy maintsy amin' ny alalan'ny solika no hamenona io fahabangana 80 MW io. Ny vidin'ny solika eo amin'ny tsena iraisampirenena koa miakatra be, kanefa efa lavakabe ny tetibolan'ny JIRAMA. Amin'ny 12 ora alina ka hatramin'ny 4 ora maraina no anaovana ny fanapahan-jiro mihodina mba hanaovana fitsitsiana sy tsy iankinandoha be amin'ny solika. Mila miaritra kely ny mpanjifa fa efa azo avokoa ireo famatsiam-bola hoentina manatanteraka ireo tetikasa famokarana angovo eto amin'ny firenena amin'ny taona 2024."*, hoy ny minisitry ny Angovo sy ny Akoranafo, Andriamanampisoa Soloniaina. Anisan'ny mampimenomenona ny mponin'Antananarivo Renivohitra ny delestazy noho ny fanelingelenana aterak'izany amin'ny alina andaniny, ary noho ny tahotra ny tsy fandriam-pahalemana ankilany. Mitaraina ihany koa ireo mpanjifa fa tsy misy fiovana ny fandaniana isambola misoratra ao anatin'ny faktiora na misy aza ny fahatapahan-jiro lavareny.

**R. Muray**

" Branchement mora "

# Nanome toromarika ny Banky Iraisam-pirenena

Mandroso ny fanatanterahana ny « Branchement mora» iarahana amin'ny Banky Iraisam-pirenena ao anatin'ny tetikasa LEAD. *«Vao niara-nivory tamin'ny ekipan'ny Banky Iraisampirenena ny tenako tamin'ny maraina. Nanome toromarika ity mpamatsy vola ity ny mba hanafainganana ny « Branchement mora ». Somary miadana kely ny fanatanterahana ny asa amin'izao fa manomboka amin'ny volana janoary na febroary amin'ny taona 2024 dia hisy ny fampidirana jiro maimaimpoana eo amin'ny kaontera 150 000, ka hisitraka izany ireo nanao fangatahana efa nahafeno antontan-taratasy, araka ny resaka nifanaovana tamin'ny Banky iraisam-pirenena"*, hoy ny minisitry ny Angovo sy ny Akoranafo, Andriamanampisoa Soloniaina, omaly. Natolotra tamin'io fotoana io teny amin'ny JIRAMA Antanetibe Ilafy ireo fitaovana avy amin'ny tetikasa LEAD, sy kamiao lehibe 5 sy moto 50. Hoentina manampy ireo mpiasan'ny JIRAMA amin'ny fanatsarana ny asa sy ny tolotra ireto fitaovana ireto, indrindra fa amin'ny fanafainganana ny "Branchement mora" sy ny fanarahana ireo jiro tapaka sy asa fanarenana maika rehetra. Ny fahazoana ireo kamiao koa andaniny dia voalaza fa hanenana ny fandaniana amin'ny fanofana fiara rehefa manao asa lehibe toy ny fitaterana "Poteaux", izay andanina eo amin'ny 3 tapitrisa Ariary isaky ny mandeha fara fahakeliny. Marihina fa eo amin'ny 45 000 ireo olona efa nisoratra anarana sy nandoa vola tamin'ny "Branchement mora", raha ka 25 000 ireo kaontera efa voapetraka.

**R. Muray**

Ady amin'ny tsifanjariantsakafo

# Efa betsaka ireo sakafon-jaza tovonantsoa

Manatanteraka fihaonambe nandritra ny roa andro etsy Anosy ny firaisampirenena ho amin'ny sakafo tovonantsoa, na « Alliance Nationale pour la Fortification Alimentaire / ANFA». Tanjona amin'izany ny andinihana ny asa vitan'izy ireo tamin'ity taona taona ity sy hijerena ny asa hatao ho amin'ny taona vaovao hiadiana amin'ny tsifanjariantsakafo. Tsara ho fantatra fa misy karazany ny sakafo tovonantsoa, ka tanjona iombonana ny ady amin'ny tsifanjariantsakafo, indrindra amin'ireo zaza, ary tohanana tsara ihany koa ny reny mitondra vohoka. Eo ilay fampidirana otrikaina ao anaty sakafo amin'ny alalan'ny vovony, ny vitaminina sy ireo mineraly maro isan-karazany. Eo ihany koa anefa ireo efa tany antsaha dia efa notovonantsoa, toy ny vomanga na tsaramaso mena na vary. Misy natao ho an'ny vahoaka rehetra, toy ny sira nasiana ioda, izy ireny, fa misy natokana ho an'ny sokajin-taona zaza latsaky ny 2 taona na ankizy mpianatra ihany koa.

**Nath**


PRÉSIDENTIELLE 2023
SORTIR DE L'IMPASSE

PROFIL DU PRÉSIDENT
- Profil du dirigeant et projet de société pour Madagascar
- « Élire un président : porter son choix sur une vision à long terme du devenir d'un pays »
- Les principaux résultats de l'étude

SORTIR DE L'IMPASSE
- La négociation pour sortir de l'impasse
- La conflictologie : une nécessité pour Madagascar
- Tafa 2023 : un espace d'échanges citoyens avec les candidats
- Différend électoral : une conjoncture en conjecture
- Un coup de force constitutionnel et institutionnel en prélude à la présidentielle ?
- Modèles d'affaires durables et vertueux : l'influence de la politique
- Environnement : la lutte contre le changement climatique a-t-elle sa place dans la présidentielle?

+ INTERVIEWS ET CHRONIQUES




Écoutez les podcasts de Politikà sur les plateformes d'écoute ou sur vos stations radio préférées : RDJ, Alliance 92 Fm et RDB

DISPONIBLE AUPRÈS DE CES POINTS DE VENTE
Espace Loisirs, Antaninarenina | Jumbo Score Digue | Jumbo Score Ankorondrano | Jumbo Score Tanjombato
Leader Price Ankadimbahoaka | Leader Price Ankorondrano | Leader Price Andranomena | Leader Price Ambatobe |
Leader Price Tamatave | Leader Price Anosizato | Leader Price Nosy Be | Lecture et Loisirs, Tana Water Front
Librairie Fakra, Tamatave | Librairie Fandrosoana, Tuléar | Librairie Tsipika, Ambohijatovo
Librairie Masindahy Paoly, Analakely | Maison Leong Hoi, Diégo | Mille Feuilles, Behoririka

ET ÉGALEMENT DISPONIBLE AUPRÈS DU BUREAU DE LA FRIEDRICH-EBERT-STIFTUNG
Contact 034 05 344 24
dominique@fes.mg
Site web : www.politika.mg
Friedrich-Ebert-Stiftung
Villa Martrat, Ankadifotsy
Antananarivo 101, Madagascar

FRIEDRICH EBERT STIFTUNG

GCL 692/2-1